



« CONSEIL DU FAMPIHAVANANA MALAGASY »
CFM

FANAMBARANA HO FANKAHEREZANA SY FISAORANA ARY
HAFATRAFATRA

19 Mey 2020

Manoloana ny zava-misy ankehitriny eto amin'ny Firenena, ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » (C.F.M) dia manao izao fanambarana izao mba ho fankaherezana sy fisaorana ary hafatrafatra :

- Maneho indrindra ny fiaraha-miory sy mitondra ny teny fampiononana amin'ny fianakaviana izay vao avy namoy havana noho ny Coronavirus ary koa amin'ireo mana-manjo noho ny voina ateraky ny valan'aretina hafa mameley eto amin'ny Firenena.
- Mankahery sy mitondra amim-bavaka an'ireo rehetra manaraka ny fitsaboana ary mirary fahasitranana feno. Matokia fa miray fo sy saina aminareo izahay.
- Manolotra fisaorana ary mankahery hatrany an'ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga, ireo mpitantsehatara ara-pahasalamana sy ireo manampahaizana amin'ny fikarohana, noho ny fikelezan'izy ireo aina ho fiarovana ny ain'ny Malagasy amin'ny ady atao amin'ny COVID 19.
- Mankasitraka indrindra ny ezaka ataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika sy ny fitondram-panjakana, mba hitondrana avo ny voninahitra sy ny hambompom-pirenena ka manasongadina ny « maha- Malagasy ny Malagasy » amin'ny ady atao amin'ny COVID 19. Tsy voninahitra ho an'ny Firenentsika ihany izany fa ho an'ny Kaontinanta Afrikana manontolo ka tokony hahavelom-bolo ny Malagasy tsy ankanavaka, na inona na inona firehany ara-politika na finoany. ADY tokoa mantsy no atrehina, ary FAHAVALO IRAY no iraisana ka tsy maitsy misy ny MPITARI-TAFIKA ary raha tiana ny handresy dia ilaina ny MIARAKA MIATRANA ka mampiato izay mety ho lonilony rehetra. Ny tena fitiavan-tanindrazana dia ny fahaizana maneho FIRAISAN-KINA sy FIHAVANANA rehefa ao anaty fahasahiranana.